RL : Maro ireo tetik'asa vinavinaina saingy ny tena misongadina eo amin'ny lafiny sosialy dia ny fanatanterahana an-tsakany sy an-davany ireo fitsipika anaty mifehy ny fikambanana momba ny fifanotronan'ny mpikambana na an-kasoavana na an-karatsiana, eto anivon-tany sy any amin'ny faritra. Manaraka izany ny fampivondronana ny mpikambana amin'ny alalan'ny hetsika ara-kolotoraly sy arapatanjahantena. Hisy ny fanokanana andro iraisana na « journée récréative » ho an'ny mpikambana mba hitafatafana, hisy ny fitadiavana sy fanofana toeram-pilalaoavana ho an'ny daholo be, fitadiavana famatsiam-bola hividiana fitaovana isankarazany toy ny « table ping pong ». Eo amin'ny lafiny arak'asa indray dia hiompana amin'ny fanohanana ny mpikambana rehetra tsy an-

kavanaka eo amin'ny asa izay sahaniny. Haparitaka ny vaovao rehetra mikasika izay tombontsoa mety sy tokony ho azon'ny mpikambana tsirairay na koa ho an'ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana rehetra. Hosokafana eny amin'ny Postes Comptables rehetra ny masoivohon'ny fikambanana mba hahafahana mandray sy manangona ireo hevitra ny mpikambana rehetra.

GT : Inona no mampiavaka ity birao vaovao ity ?

RL : Ny fisian'ireo birao rehetra takian'ny sata mifehy ny fikambanana : ny birao mpanatanteraka (*ahitana mpikambana miisa dimy*) sy ny mpanolotsaina (*ahitana mpikambana efatra*), ary ny toeran'ny filoham-boninahitra izay natolotra am-panajana an'Andriamatoa Tale jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana, no mampiavaka ny birao vaovao. Vonona tanteraka hitondra ny anjara birikiny hanome aina vaovao ny fikambanana ny ekipa izay tarihiko. Napetrakay mpikambana ao amin'ny birao mpanatanteraka ny « Principe de neutralité ». Izany no natao dia mba hahafahan'ny fikambanana mijoro hatrany

amin'ny teny nomena azy sy ny asa aman'andraikitra izay apetraka aminy eo anoloan'ny toerana misy azy ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Mampiavaka azy koa ny fisokafana sy ny fandraisana ny hevitra ny mpikambana rehetra. Natomboka tamin'ny fandraisana an-tanandroa ireo mpanolotsaina mazoto sy noterem-panahy hiara-miasa aminay izany. Ankasitrahana manokana ny fandavan-tenan'Atoa Ihajambolantiana RANJALAHY, izay mpifanandrina tamiko tamin'ny ffidiana, noho izy nanaiky ho isan'ireo mpanolotsaina efatra hiara-hiasa amin'ny tenako.

Farany, ny fisokafan'ny fikambanana amin'ireo fikambanan'ny corps hafa satria « ny mitabe tokoa tsy lanin'ny mamba ary ny firaisankina no hery ».

Ny birao izay tarihiko dia vonona ny hiara-hiasa amin'ny mpikambana rehetra tsy an-kanavaka, handray ireo soso-kevitra rehetra atolotra azy, indrindra fa ny avy amin'ireo zoky ray aman-dreny tompon'ny fahendrena sy manana ny traikefa rehetra ilaina amin'ny fampandehanana ny fikambanana APIT.

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO

SOSIALY

Ny nodimandry



RANDRIAMIADANARIVO Samson
*Réalisateur
tao amin'ny PP Besarety*

Tao amin'ny DDP no niditra niasa voalohany Itompokolahy, Dépositaire Comptable izy tamin'izany.

Olon-tsotra, tia mifandray amin'ny mpiaramiasa aminy i Samson. Ny mpiara-miasa tao amin'ny DDP no nantsoiny an-telefaonina farany minitra vitsy talohan'ny nahafatesany.

22 taona niasana ary namela kamboty telo mirahavavy izy.



Mankasitraka sy mahatsiaro azy noho ny asa vitany ny Foibem-pitondrana sy ny mpiara-miasa rehetra eto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana sady mankahery sy manohana hatrany ny fianakaviany.

Ireo nandeha nisotro ronono

Mpiasa miisa roa teto anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana no nandeha nisotro ronono tamin'ity volana Martsa ity

- RAKOTONIRAINY Jean Pascal, Inspecteur du Trésor, Payeur Général d'Antananarivo
- RAKOTONDRAIVAIVO Edmond, Employé d'administration tao amin'ny PP Mahamasina

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO – Source : SAF

Ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana dia mankasitraka sy misaotra ary mitso-drano azy ireo noho ny asa vitany.

ACTUALITÉS

APIT : Ekipa vaovao no mandrafitra ny birao mpanatanteraka

Fanatsarana ny serasera sy ny fampitam-baovao amin'ny samy mpikambana, fitandrovana ny tombon-tsoan'ny « corps des inspecteurs du Trésor » sy ny « corps » rehetra misy eo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana, no isan'ny fandaharan'asan'ny birao vaovao. Anisan'ny vain-dohan-drahara-hany ihany koa indrindra indrindra ny fikolokoloana ny firaisan-kinan'ny mpikambana amin'ny sehatra rehetra.

Notanterahina tao amin'ny Hotel Restaurant « L'As-tauria » Antanimena, ny 18 Febroary lasa teo, ny fivorian-be fanaon'ny « Association Professionnelle des Inspecteurs du Trésor » na APIT. Tao anatin'ny fandaharam-potoana tamin'io ny fanaovana tatitra ny asa vitan'ny birao teo aloha sy ny toe-bolan'ny fikambanana, ny fanavaozana ny birao ary ny fifampiarahaban'ny mpikambana noho ny fahatrarana ity taona vaovao 2011 ity.

AM-PAHAVONANANA SY AM-PAHAVITRIHANA

Ekipa roa no nifanandrina tamin'ny ffidianana. Anisan'ny nampivavaka ny ekipa vaovao lany tamin'izany ffidianana izany ny fanehoany ny fahavononany sy ny fahavitrihany hitondra ny anjara birikiny amin'ny fanomezana lanja bebe kokoa ny fikambanana na eo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana, na



Ireo mpikambana ao amin'ny birao vaovao

eo anivon'ny asam-panjakana iray manontolo. Ireto avy izany mpikambana vaovao izany : **Andriamatoa Lova Nirina RAMASIMAHAVOLA**, Filoha mpitantana, **Ramatoa Mihary ANDRIAMIZAHO**, Sekretera Jeneraly, **Andriamatoa Tahiry Nirina RAZAFIMANDIMBY**, Mpitam-bola, **Andriamatoa**

Christian Andrianantenaina RAJAONA sy **Ramatoa Hanitra Olivia RANDRIANIRINA**, mpitan-tsoatra. Ireto kosa ny mpanolo-tsaina : **Ramatoa Tiana RAMPARANY**, **Andriamatoa Do ANDRIAMBELO**, **Andriamatoa Ihajambolantiana RANJALAHY** sy **Andriamatoa Dieudonné RAKOTOARISOA**.

Ny taona 2007 no nisy fanaovazana farany teo anivon'ny birao mpanatanteraka, fanavaozana izay tokony nisy isaky ny roa taona. Tsiahivina etoana àry ireo mpikambana tao amin'izany birao izany : **Andriamatoa Jean Pascal RAKOTONIRAINY**, Filohan'ny fikambanana, **Andriamatoa Rakotobe BEZARA**, Sekretera jeneraly, **Andriamatoa Alexandre RAZAFIMANDIMBY**, mpitam-bola, ary **Andriamatoa Mampionona ANDRIAMANANTSILAVO** sy **Andriamatoa Andry Nirina RAJAOFETRA**, mpitan-tsoatra. Fisaorana no natolotry ny mpikambana azy ireo noho ny asa vitany teo amin'ny fikambanana na dia teo aza ny adidy mavesatra niantsohany teo anivon'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana. ▲ **Mihary ANDRIAMIZAHO Hanitra RANDRIANIRINA**

Reboisement du Ministère des Finances et du Budget 4 500 Plants mis en terre

Quelques 4 500 plants ont été mis en terre le 12 février dernier par quelques 2 900 cadres et agents du personnel du MFB d'Antananarivo sur une superficie de 5 hectares environ sise à Andranovelona commune de Fihaonana dans le district d'Ankazobe. Ils sont arrivés nombreux sur les lieux vers 9 h, en tenue de sport, casquette blanche portant le logo du MFB sur la tête pour accomplir leur devoir civique vite fait à 12 h. Le SG Madame Vonintsalama ANDRIAMBOLOLONA, représentant le Ministre des Finances et du Budget pris à



Reboisement : un devoir civique

d'autres obligations, a conduit le personnel à cette opération de reboisement. Il s'agit de 200 jeunes plants de paulownia, de 300 arbustes fruitiers, et le reste composé de plants de khaya,

de katrafay et d'eucalyptus. Le terrain reboisé appartient au MFB et a une superficie totale de 33 ha, les 15 ha ont été couverts par les reboisements successifs où tous les ans l'on se donnait rendez vous. Cette dernière opération de reboisement a été effective grâce à la collaboration du Ministère de l'Environnement, du fokonolona et de la gendarmerie de Fihaonana ainsi que des directions générales respectives composant le MFB. Question de joindre l'utile à l'agréable, la matinée a été animée par l'orchestre Romance et l'humoriste Francis Turbo.

ACTUALITÉS

PP Mahazoarivo Ambanidia Mandray andraikitra ireo mpisotro ronono

Tsy toy ny fahita amin'ny ankamaroan'ireo Perceptions Principales marobe miparitaka manerana ny Nosy ity mitranga ao Mahazoarivo Ambanidia ity satria dia mpandray fisotroan-dronono valo lahy, voafantina manokana, noheverina fa tsara fitondrana ary nahazo fankatoavana avy amin'ny Percepteur Principal, Rabemanantsoa Théodore Frédéric, no mandamina ny fakana vola

zareo. Mbola izy valo lahy ihany koa no mandamina sy mampandroso izay nahazo nomerao, eny amin'ny toerana hakana vola mandrapaharivan'ny andro. Miaramila sy sivily samy vonona ary nanolo-tena izy valo lahy. Ho fampandraisana andraikitra ireo mpandray fisotroan-dronono, mba tsy hahazoan'ny mpiasa fanakianana avy amin'ireo mpandray fisotroan-dronono no anisan'ny nandraisana ity fepetra ity, hoy ny Percepteur Principal.



Ireo mpandray fisotroan-dronono haka « Titres de pension »



Ny Percepteur Principal mizara vola fisotroan-dronono

isaky ny andro voalohany. Amin'ny efatra ora maraina dia efa tonga eny an-toerana mizara nomerao ho an'ireo mpandray fisotroan-dronono namany tonga marobe ry

Voafehin'izy valo lahy tsara ny andraikiny amin'ny ankapobeny saingy noho ny fahamaroan'ny olona dia misy amin'izy ireo no mivarotra nomerao, araka ny

fitarainan'ny mpandray fisotroan-dronono sasantsasany. Ankoatra izany dia misy mpanera vitsivitsy miandry filaharana ary mivarotra izany amin'ireo tonga aty afara. Efa re avokoa ireo fitarainana ireo, hoy Ingahy Percepteur Principal, saingy mialoha ny handraisana fepetra, toy ny fanesorana izay nanao ny tsy mety, sy hanatsarana ny fomba fiasa dia mikasa ny hampivory ireo mpandray fisotroan-dronono nomena andraikitra ireo ny tenany. Ho fanamafisana ny fiarovana ny volam-bahoaka dia mangataka ny hanasiana « guichet » ny Perception Principale ao Mahazoarivo Ambanidia. Tsy misy toerana natokana handoavana ny volan'ireo

mpandray fisotroan-dronono hatramin'izao, hany ka eo amin'ny biraon'ny mpiasa no mifandimby miditra ireo zokiolona miisa 3 500. Ankoatra izany dia maniry ny hanitarana ny trano koa ry zareo satria dia kely loatra ny birao misy ankehitriny.

Anisan'ny nahafaly ny mpiasan'ny Perception Principale kosa ny fampitaovana nomen'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolampanjakana tamin'ity taona ity ka manantena ny hitohizan'izany ry zareo. Noho ny tsy fahampian'ny « fournitures » dia tsy maintsy niala vola am-paosy foana ny mpiasa hatramin'izay mba hampandehanan-draharaha.

▲ Yves RAKOTO

Fivoriam-be ho fanavaozana sy ho fanatsarana ny ACOA (Association des Caisses Orientées vers l'Autonomie)

Mba ho fanavaozana sy fanatsarana ny sehatra fampindramam-bola madinika ao amin'ny Faritra Atsinanana sy ho famahana ny olana eo anivon'ny tambazotra ACOA, dia nisy ny Fivoriam-be izay natao mba hifidianana ny Mpitantana eo amin'ny Tahiry tsirairay avy ka notsinjaraina toy izao :

15 sy 16 Janoary 2011 : Tahiry MODELy sy SEPT,

22 sy 23 Janoary 2011 : Tahiry FAMONJENA sy ROBISTA.

Tontosa izany rehetra izany tamin'ny alalan'ny fanampian'ny Fanjakana. Ny Fandrindrana Nasionaly eo amin'ny sehatry ny fampindramam-

bola madinika, izay eo ambany fiahian'ny Tahirimbolampanjakana ao amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola no misolo tena ity farany tamin'izany.

Ireo fivoriam-be narahana fihidianana ireo no natao dia hahafahan'ny Tahiry rehetra ao amin'ny ACOA hanana Mpitantana ara-dalàna eo amin'ny sehatry ny fitantanam-bola amin'ny ankapobeny sy hahafahan'izy ireo mieritreritra ny firosoana amin'ny fanatsarana ny fitantanana mba hahafahany miditra amin'ny sehatry ny ara-dalàna sy manara-penitra. Nanapa-kevitra ny Fanjakana



Foiben'ny Tahiry Famonjena

amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola hampiandraikitra Mpanampy ara-teknika (Assistant Technique)

ny ACOA mba hanara-maso ny fanarenana sy ny ho avin'io tambazotra io.

▲ Natacha RAMAROSON
Hermann TOKISA

ACTUALITÉS

Antaninarenina – Zoma 18 Febroary 2011

Rakotra mpandray fisotroan-dronono ny arabe

«*Tao anatin'ny roapolo taona mahery nakako vola fisotroan-dronono dia tsy mbola nahita filaharam-be tahak'ity Zoma 18 Febroary ity aho*», hoy Rakotomavo Emile, 75 taona, monina eny Tanjombato sy Maurice, 76 taona, monina eny Soavimasoa.

Niatomboka tao anatin'ny Paierie Générale d'Antananarivo mantsy ny filaharana tetsy Antaninarenina tamin'io andro voalohany io, nitohy teny ivelany nandrakotra ny arabe,

Nalamina nifandimby nisakafo antoandro ireo mpiasa mba hitohy tsy tapaka ny fikarakarana sy ny fandraisana sy ny fandoavana ny vola. Noho ny hamaroan'ny olona be loatra anefa dia mbola tany amin'ny valo ora alina tany ho any vao vita tanteraka ny fizarana vola. Fa mba inona loatra no nahatonga ity toe-javatra ity e?

NATAHOTRA KORONTANA

Antony maro no naha marobe ireo olona indray naka vola tamin'ity



Tahak'izao ny filaharam-be

Noho ireo antony ireo dia voatery nihafy nilahatra nandritra ny ora maro ny rehetra. Vokany, nisy ny tsy nahatanty ka dia torana mihitsy. Rangahy roa sy Ramatoa lehibe iray samy manodidina ny 75 taona no tratr'izany. Rehefa avy novelombelomina ry zareo dia tsy nampilaharina intsony fa nentin'ireo polisy mpandamina teny amin'ny fakana vola avy hatrany.

Ny halavan'ny filaharana manao «contrôle» izay tena mandany ora be indray no tena nampitara-

aza dia mijery akaiky ny fomba hanafainana ny fizarana vola amin'ireo toerana natokana ho amin'izany.

Nomarihan'ny tompon'andraikitra hatrany fa efa betsaka ny fepetra noraisina eny amin'ireo Perceptions Principales miisa sivy eto Antananarivo. Ny tena olana dia tena efa maro be ny mpandray vola amin'ireny toerana ireny. Raha ity Paierie Générale tetsy Antaninarenina ity ohatra dia efa tamin'ny taona 1951 no nahavitan'ny trano. Olona mano-



Ampahan'ireo zokiolona naneho ny heviny

nihazo ny Recette Générale ary tsy nifarana raha tsy teny anoloan'ny foiben'ny ONE izany. Ny 85 %-n'ireo mpandray fisotroan-dronono mpaka vola ao amin'ny PGA no indray tonga tamin'io andro io raha tsy mihoatra ny 70 % izany hatramin'izay, araka ny fanambaran'ny Payeur Général Antananarivo, Herivelo Andriamanga. Nisy ny fandaminana manokana noraisina ka nalefa tany amin'ny Recette Générale Antananarivo ny sasantsasany tamin'ireo mpandray fisotroan-dronono.

indray mitoraka ity, araka ny fanadihadiana nataonay. Anisan'izany ny fahatahorana ny korontana mety nateraky ny fahatongavan'ny Filoham-pirenena teo aloha, izay voalaza fa ho tonga ny ampitson'io. Teo ihany koa ny fanahiana tamin'ny voka-dratsy mety nateraky ny fandalovan'ny rivo-doza «Bingiza». Ambonin'izany dia sahirana ny ankamaroan'ireo mpandray fisotroan-dronono, efa lany vatsy, hany ka tsy maintsy naka vola tamin'io andro io.



Ny filaharam-be tao anatin'ny PGA

ina ny ankamaroan'ny mpandray fisotroan-dronono, indrindra ireo efa nahazoazo taona. Araka izany dia nangataka ny hanamorana ny fanaovana «contrôle» na hampitomboina ireo mpiasa miandraikitra izany, izy ireo. Ho fiovana ny volam-bahoaka anefa dia tsy azo atao mihitsy ny manamaivana ny fanamarinana ny antontan-taratasy fakana vola fisotroan-dronono, hoy ny tompon'andraikitra. Na izany

didina ny zato eo ihany no natokana haka vola tao tamin'izany raha toa ka 7.000 mahery izany ankehitriny. Mbola olana iray hafa ihany koa ny fahantrana izay tena manosika ny ankamaroan'ireo mpandray fisotroan-dronono haka vola amin'ny andro voalohany. Eo ihany koa anefa ny fitiavana te hihaona sy hiresadresaka amin'ireo namana mpiara-miasa fahiny.

▲ Yves RAKOTO



Tsy nahasakana ny fakana pension ny orana nikija

ACTUALITÉS

Asa fananganan-trano Tsy maintsy manara-penitra

Tafiditra ao anatin'ny andraikitra ny Service Administratif et Financier ny fanamafisana ny fiarovana ny volam-bahoaka, amin'ny alalan'ny fikojakojana sy fanamboarana ny efa misy, fanorenana trano vaovao ho an'ny Perceptions Principales sy ny Trésoreries Principales ary ny Trésoreries Générales manerana ny Nosy.

Momba ny fikojakojana sy ny fanavaozana ny efa misy dia ireo kilasiana ho tena lehibe no iandraiketany ny sampandraharaha, satria efa noezahina naporitaka eny anivon'ny Trésorerie Générale sy ny sampandraharaha tsirairay ny sora-bola ahafahany manao fikojakojana an'ireny trano ireny.

Eo anatrehan'ny faharatsiana sy fahanteran'ny trano izay tsy manaraka ny fenitra takian'ny fiarovana ny volam-bahoaka sady tsy mifanaraka



PP Mitsinjo : ny trano manara-penitra

ho eo no ezahina haorina isan-taona ho an'ny Perception Principale. Mbola maro ihany koa ireo Percep-

filamatra ny fampanaraham-penitra ny tranon'ny Tahirim-bolam-panjakana. Ezahina apetraka izany rehefa misy ny fanatsarana sy ny fikojakojana atao. Nanomboka ny taona 2010 ny ezaka no efa nimasoana, indrindra ny mahakasika ny fanorenana trano vaovao. Trano telo no vinavinaina haorina amin'ity taona 2011 ity, dia ny PP any Vohémar, Amboasary-Sud ary Ankazoabo. Marihina fa raha oharina amin'ny « Plan »-ny trano telo naorina ny taona 2010 : Mitsinjo, Ikalamavony ary Kandrehon'ny dia samy nasiana fanitsiana mba ho tsaratsara kokoa hatrany ny « plan » sy ny kalitaon'ireo trano ireo.



Birao malalaka sy ny fitaovana ao anatin'ny

amin'ny zava-misy iainana amin'izao fotoana izao, dia ny fanorenana trano vaovao no fepetra mahomby indrindra. Eo amin'ny trano telo eo

tions Principales no mampiasa ny tranon'ny Distrika sy ny an'ny Kaominina ka ilàna fanorenana vaovao. Araka izany dia tsy maintsy atao ho

FETRA EO AMIN'NY FANATANTERAHANA

Misy anefa ny fetra tsy azo ihoarana dia ny sora-bola azo iasana. Vokat'izany dia ny asa maika sy ny laharam-pahamehana izay maro tokoa manerana ny Nosy, no tsy maintsy omena tombondahiny isan-taona. Voafetra noho izany ny fahafaha-manao, araka ny tarehimarika tsotsotra dia Perception Principale 10 amin'ny 91 no nasiana fanamboarana ny taona 2010 lasa teo : Ambato Boeni, Boriziny, Moramanga, Vaingaindrano, Ambatofinandrahana, Manandriana, Ikongo, Mampikony, Analalava, Anosipatrana. Ampahany amin'ny



Ny efitrano fidiovana

trano ihany matetika no voakasiky ny fanarenana sy ny fanatsarana noho ny fitsinjarana ny sora-bola misy. Ezahina kosa anefa mba ho azo tsapain-tanana ny vokat'azo.

Azo ambara hatreto fa mbola maro ary lavitra ezaka raha ity fampanaraham-penitra ny trano fiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana ity ka isarihana ny sain'ny rehetra satria antoky ny fahombiazan'ny fitantanana sy ny fiarovana ny volam-panjakana.



Ny endriky ny lakoza ao anatin'ny PP Mitsinjo

ACTUALITÉS

Trésorerie Générale FARAFANGANA

Miezaka hatrany mitondra fanavaozana

Tao anatin'izay telo taona nisian'ny TG izay dia betsaka tokoa ireo ezaka vita na dia teo aza ny fahasahiranana samihafa noho ny krizy. Ny telo tamin'ireo Perceptions Principales miankina aminy no efa nasiam-panamboarana : Midongy Atsimo ny taona 2009, Vondrozo sy Vangaindrano ny taona 2010. Ny teti-bolan'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana avokoa no nahafahana nanatanteraka izany.

Vita « carreaux » ny birao rehetra ao amin'ny Trésorerie Générale ny faran'ny taona 2010 teo. Ny fandokoana ny trano moa dia tsy maintsy hatao isan-taona noho izy manakaiky ny ranomasina. Tsy



Ny atin-tranon'ny TG Farafangana nohavaozina

hadino ny fanofanana ny mpiasa ny taona 2009 tany Antananarivo. Izany no natao dia mba hampavitrika hatrany ny mpiasa manoloana ny havesatry ny andraikitra sahanin'ny Trésorerie

Générale any amin'ny Faritra iny. Eo ihany koa ny fanajana ireo mpanjifa.

Mbola betsaka ny fanatsarana eritreretina hatao. Ohatra amin'izany ny fanamboarana ny

Perception Befotaka, ny famitana toeram-pivoahana ho an'ny Perceptions Principales Vondrozo sy Vangaindrano, ny fanavaozana ny trano fonenanana'ny mpiasa (logement administratif) izay efa an-dalam-pianjerana.

Miankina betsaka amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana ny fanatanterahana ireo vinavina ireo. Efa manantena sahady ny ankamaroan'ny mpiasa fa hisy zava-baovao amin'ity taona 2011 ity. Ny Trésorerie Générale Farafangana mantsy dia miezaka hatrany mitondra fanavaozana eo amin'ny asany sy ny tontolo manodidina izany.

▲ Tahina RAKOTOBÉ

Trésorerie Générale ANT SIRABE

Miaritra ny rivotra sy ny orana ny mpandray fisotroan-dronono

Mahatratra 1857 ny isan'ireo zokiolona mpandray vola fisotroan-dronono ao amin'ny Trésorerie Générale Antsirabe. Tsy maharaka ny isan'ny olona ny efitrano ka voatery manangana tranolay eny ivelan'ny birao ny mpiasa mba hanomezana fahafaham-po ireo zokiolona. Eo amin'ny tokontany sy ny arabe manoloana ny

tranon'ny Trésorerie Générale no amelarana ireo tranolay. Mandritra ny telo andro voalohany no tena mahabetsaka ny olona tonga mandray vola. Noho izany dia tsy maintsy misy ny fandaminana manokana. Mifarimbona manatanteraka ny asa ireo mpiasa 27 ao amin'ny Trésorerie Générale. Ampitomboina ny isan'ny mpiasa manara-maso ny



Ny tranolay eo an-tokontanin'ny TG Antsirabe

taratsin-jo. Mitohy ny tontolo andro tsy miato ny fizarana ny vola fisotroan-dronono. Na dia eo aza ny habetsahan'ny olona dia voahaja hatrany toromarika sy ny fandaminana apetraky ny tompon'andraikitra.

Mijaly anefa ireo mpiasa sy ny mpandray vola amin'izao fotoam-pahavaratra izao satria miaritra ny orana sy ny rivotra izy ireo.

Hatry ny ela no misedra olana noho ny fahateran'ny trano ny mpiasa ao amin'ny Trésorerie

Générale ao Antsirabe. Mpiasa efatra no miasa ao amin'ny efitrano iray. Tamin'ny taona 2005 no nisy ny fandaharan'asa hanitarana sy hanampiana rihana iray ny biraon'ny Trésorerie Générale. Fantatra nandritra ny fitsidian'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana tany an-toerana tamin'ny volana oktobra 2010 fa hojerena amin'ity taona ity ny fomba hanatanterahana izany asa goavana izany.

▲ Olga RAOLIVOLOLONA
Rivolala RANDRIANARIFIDY



Tomefy mpandray fisotroan-dronono ny arabe

ACTUALITÉS

Trésorerie Générale IHOSY : Vita ny fefy manodidina

Taorian'ny fitsidihana izay nataon'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana notarihin'ny Tale Jeneraly tamin' ny 14 Oktobra 2010 tany amin'ny Faritra Ihorombe. Vita ny fananganana fefy manodidina ny Trésorerie Générale Ihosy. Naharitra iray volana ny asa izay nanomboka ny 01 Novambra ka hatramin'ny 01 Desambra 2010. Mirefy 499 a sy 5 Ca na **499,5 m²**

ny velaran'izany fefy izany, izay mitentina **17.736.392,00 Ariary**.

Ny Trésorerie Générale Ihosy no niantoka ny fanamboarana ny fefy. Nanampy ara-bola ihany koa ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana .

Izao fefy izao no natao moa dia mba ho fanamafisana bebe kokoa ny fiarovana ny tranon'ny Tahirim-bolam-panjakana ao Ihosy.

▲ Sylvia RAHOLINIRINA



Ny Trésorerie Générale Ihosy

AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

Perception Principale MAHABO
Ambany toerana ka dibo-drano matetika

Ambany toerana hany ka dibo-drano matetika ny Perception Principale ao Mahabo. Raha vao mitohitohy ny orana isaky ny fotoam-pahavaratra dia heniky ny rano hatreny an-dohalika ny tokontany hatrany anaty birao. Mivarina ao amin'ity toerana ity avokoa ny rano be avy any an-tanàna. Vo-kany, voatery bataina hafindra any amin-dry Masera ny antontan-taratasy ilaina amin'ny fandoavana karaman'ny mpiasa sy ny an'ireo mpandray fisotroan-dronono. Entina manaraka any koa ny sompi-by misy ny vola. Mandram-pihidin'ny rano dia hajanona any ireo entana sy vola

Ireo saingy ambenan'ny polisy hatrany.

Ankoatra ity toe-javatra ity dia anisan'ny manahirana ny Percepteur any an-toerana ny toerana fivoahana. Eny antokontany no misy azy ka miara-dibo-drano hany ka tsy azo ampiasaina intsony akehitriny.

Tsy vato misakana ny fampandehan-draharaha akory ireo zava-misy ireo saingy mangataka fiaraha-miasa amin'ny Foibem-pitantanan'ny Tahirim-bolam-panjakana ny tompon'andraikitra any an-toerana.

▲ Yves RAKOTO



Ny Perception Principale Mahabo



Ny dinika nifanaovana tamin'ny Percepteur Principal (Eo an-kavanana)



Ireo fitaovana natolotra ny PP Mahabo

AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

Trésorerie Générale MORONDAVA

Mpiasa matihanina no tanjona

Nanantontosa fitsidihana tany Morondava ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana, Andriamatoa Orlando Rivomanantsoa ROBIMANANA ny asabotsy 05 Febroary lasa teo nia-raka tamin'ireo mpiara miasa aminy akaiky. Nijery ifotony ny zava-misy tany amin'ny Trésorerie Générale an'i Morondava ity delegasiona ity. Tamin'ny fihaonana tamin'ireo mpiasa, dia nanome toromarika sy paikady fitantanana vaovao ny tahiri-bolam-panjakana ny Tale Jeneraly izay nosokajiny ho tanjona dimy toy izao :

1- Ny fanatsarana ny « système de reporting » izay ampiharana ny

politika fitantanana mangarahara, tsy misy afenina ny « opération » rehetra ary tsy maintsy atao hita soritra mazava ny lalan'ny vola sy ny kaontim-bola izay atao araky ny torimarika mifandraika amin'izany, ny fanaovaona tatitra ny kaontim-pitantanana alefa ho tsarain'ny mpitsara kaonty sy ny Parlemanta.

2- Ny fametrahana ny « standard de service » mba tsy hiasa fahatany fa hiasa hisy vokatra tsara. Hiasa amin'ny saina ary amin'ny maha matihanina. Hohatsaraina noho izany ny fomba fandraisana ireo mpiasam-panjakana mandray vola, ireo zokiolona mandray fisotroan-dronono, ireo izay manan-draha-



Ny Trésorerie Générale Morondava

raha sy manam-bola amin'ny fanjakana ary ireo vondrom-bahoaka izay mametraka ny volany ao aminy.

3- Ny fihazonana ny vokatra efa azo amin'ny sehatra fanaraha-maso. Taloha dia maherin'ny 30% ny « taux de prévalence » na taham-pisian'ny fanodinkodinam-bolam-panjakana fa voafehy manodidina ny 2% eo izy ity nanomboka tamin'ny taona 2007 no mankaty noho ny fametrahana izay rafi-panaraha-maso maharitra ka tsy maintsy tohizana sy hamafisina.

4- Ny fanatsarana ny fampidirana ny vola ivelan'ny hetra

5- Ny fiarovana ny volam-

bahoaka amin'ny fanamafisana ny fikojakojana ny tranon'ny Tahirim-bolam-Panjakana, ny fitaterana ny vola, ny fanarahana ny toromarika ary ny fiarovana ny olona eo amin'ny fanatanterahana ny asany. Anisany paikady hanatanterahana itony tanjona itony moa ny fanatevenana ny serasera eo anivon'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Mba ho fampitaovana ny biraon'ny Tahirim-bolam-Panjakana any Menabe, dia nanolotra milina fanoratana, milina fikajiana, milina fitiliana vola sandoka, solosaina ho azy ireo ny foibem-pitondrana ny Tahirim-bolam-Panjakana.

▲ Jenny MAHAVINA



Ny fihaon'any mpiasa sy ireo tompon'andraikitra

Perception Principale MIANDRIVAZO

Mirindra sy milamina ny asa

Anisan'ireo Perception Principale tena milamina ny ao Miandrivazo. Mirindra sy matotra ny fandaminana anaty sy ny fomba fitantanana any antoerana. Madio sy milamina ihany koa ny birao.

Miisa 192 ireo zokiolona mpandray vola fisotroan-dronono any Miandrivazo. Mihoatra ny 100 kosa ny mpandray « bons de caisse » ary mihoatra ny 60 no mandray karama mialoha, na « avances sur salaire ». Ny roa andro voalohany no betsaka ny mpandray vola saingy mihavitsy kosa izany aorian'ny andro fahatelo.

betsaka ireo mpiasa efatra ao amin'ny Perception Principale ny fampiasana solosaina iray avy tamin'ny « Projet de Gouvernance et de Développement Institutionnel ».

Mbola mitambatra sady mifanila amin'ny biraon'ny distrika ny biraon'ny Perception Principale. Araka ny fanambarana Atoa Henri José RANDRIANTIANA, Percepteur Principal, dia tamin'ny taona 2008 no nisy fanamboarana farany ny birao. Ny fanamafisana ny fiarovana ny trano sy ny volam-bahoaka no tokony himasoana araka ny fanambarany.



Ilay solosaina nomen'ny PGDI

Manamora sady manampy

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

INTERNATIONAL

La Coopération avec la France continue

Du 18 Février au 20 février dernier, Monsieur Henri De Raincourt, Ministre Chargé de Coopération Française a fait une visite officielle à Madagascar. Cette visite a été marquée par trois grands événements en matière de la coopération entre Madagascar et la France.

Dès le lendemain de son arrivée, il a inauguré le nouvel amphithéâtre de l'ENMG (Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes), pouvant accueillir 160 personnes, à usage partagé avec l'IFPA (Institut de Formation Professionnelle des Avocats) durant 10 ans. Cette inauguration entre dans le cadre de la consolidation des institutions judiciaires.

Sur le plan humanitaire, il a été constaté que certaines régions du grand Sud, du Sud Est de Madagascar et villes urbaines connaissent des situations alimentaires alarmantes. C'est ainsi que la France a décidé d'apporter ses concours afin de prévenir des catastrophes humanitaires. Deux conventions de subventions de 1,300 Million EUR ont été signées : – Convention de 1 Million EUR avec le Programme Alimentaire Mondial (PAM), pour les besoins alimentaires de plus de 200 000 personnes dans le Sud du pays pendant la prochaine période

de soudure d'une part, et convention de 300 000 EUR avec le consortium d'Associations et ONG Françaises (GRET, APPEL) et Malgaches (SAF-FJKM, Miray) d'autre part, pour aider les populations déshéritées de

AKAMASOA, pour exprimer sa reconnaissance et ses encouragements aux actions menées depuis 1989. Il a inauguré les 30 nouveaux logements construits sur le nouveau village Mahatazana pour un



Lors de la visite d'Andralanitra (Photo : AFD)

44 communes en difficulté alimentaire dans 5 régions orientales et méridionales de Madagascar ainsi que dans des quartiers pauvres de grands centres urbains comme Antananarivo, Toamasina et Fianarantsoa. Leurs interventions consistent à la distribution de vivres, diffusion des conseils nutritionnels et intensification de la surveillance sanitaire des enfants de moins de cinq ans.

Durant cette visite, Monsieur le Ministre a tenu à rencontrer le Père Pedro Fondateur de l'Association

montant total de 150 000 Euro, qui ont été financés sur la réaffectation du second C2D (Contrat de Désendettement 2008 - 2012) - subvention de l'AFD. Avant cette inauguration, il s'est rendu sur le site de la décharge municipale d'Andralanitra pour une présentation des travaux de sécurisation de ce site. La subvention relative à cette sécurisation a été signée le 13 juillet 2010 pour un montant total de

2 Millions EUR. Ce projet prévoit la fermeture de la décharge d'ici 5 ans. Un plan social de réinsertion des familles (environ 800) vivant des revenus d'exploitation de ces décharges sera mis en place. Pour la sécurisation, des constructions seront entreprises : piste de service, talus, digues de protection et confinement, mur de clôture, et amélioration de l'environnement.

Toujours dans le cadre du financement de l'AFD, la France a confirmé la construction de 130 km de ruelles ou « Projet Lalan-kely » pour un montant de 9 Millions EUR. Ce projet touchera 65 quartiers défavorisés dans les 12 communes du Grand Tana dont 45 à Antananarivo ville. Ces ruelles seront équipées de drains permettant l'évacuation des eaux usées et pluviales. Ces quartiers seront également dotés d'équipements communautaires essentiels : bornes fontaines, blocs sanitaires, latrines, lavoirs et bacs à ordures. Ces réalisations devraient améliorer la vie de plus de 600 000 personnes.

▲ Samisoa RAOELISON

LOISIRS

* Un fonctionnaire se plaint :
« C'est épouvantable ! Avec mon nouveau chef, il m'est impossible de dormir au bureau. »

« Pourquoi ? Il te surveille ? »

« Non, il ronfle ! »

BLAGUES !

* Quel est le comble de se
coucher tard et de se lever
de bonne heure ?
– Se rencontrer dans l'escalier !



SUDOKU

Solution N°04

6	2	7	3	8	9	5	4	1
1	8	9	4	5	6	3	2	7
5	3	4	7	2	1	6	8	9
7	1	8	6	9	3	2	5	4
9	5	2	8	1	4	7	6	3
3	4	6	2	7	5	1	9	8
4	9	3	5	6	7	8	1	2
2	6	1	9	3	8	4	7	5
8	7	5	1	4	2	9	3	6

N° 05

9		2				4		3
3	1		5	4	9		7	6
				1				
	6						3	
7	9		2	5	1		4	8
	8						5	
				9				
1	2		4	7	6		8	9
4		9				7		1

▲ Recueillis par Yves RAKOTO



TAHIRY

Bulletin mensuel d'information et de liaison
de la Direction Générale du Trésor

Directeur de Publication

Orlando ROBIMANANA

Rédacteur en Chef

Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL

Comité de Rédaction

Jean Noël RANAIVOSON

Haingotiana RAJEMISA

Mbolatiana RAMAMONJISOA

Hanitra RANDRIANIRINA

Naomi RAVONIRINA

Zoely RAKOTONINDRAINY

Rivolala RANDRIANARIFIDY

Yves RAKOTO

Damascène RABEOHAY

Landy ANDRIAMIALIZAFY

Tojo Hasina RAKOTOSALAMA

Jenny MAHAVINA

Adresse

Porte 311, Ministère des Finances et du Budget

Antaninarenina, 101 Antananarivo

e-mail : tresor@moov.mg

Tél. : 22 276 14

Imprimé en 1 400 exemplaires